LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement"

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA MAI 2024 N° 022



# KRISTIANA VAVOLOMBELON'NY FAHAMARINANA

Faly miarahaba antsika nahatratra izao andro Pentekosta izao indray ry havana.

Andro ahatsiarovantsika ny nanomezan'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Zanany ho an'izao tontolo izao ny Fanahin'ny Fahamarinana.

Hoy mantsy ny teny ao amin'ny Jaona 15.26-27 anjarantsika anio: **"Fa raha tonga ny Mpananatra, Izay hirahiko ho aminareo avy amin'ny Ray, dia ny Fanahin'ny fahamarinana Izay mivoaka avy amin'ny Ray, dia Izy no ho vavolombelona hanambara Ahy. 27Ary ianareo koa dia vavolombelona hanambara, satria ianareo efa teto amiko hatramin'ny voalohany."**

Eo anatrehan'izany teny mahakasika ny Fanahy Masina izany ry Havana dia tonga ao an-tsaina tantara roa avy ao amin'ny Soratra Masina :

Ny voalohany amin'ny ireny dia ny safo-drano tamin'ny andron'I Noa. Hoy ny Gen 6.9-12: **" Ary izao no tantaran'i Noa: Noa dia lehilahy marina sady tsy nisy tsiny teo amin'ny olona niara-belona taminy; eny, niara-nandeha tamin'Andriamanitra Noa. Ary Noa niteraka zanaka telo mirahalahy , dia Sema sy Hama ary Jafeta. Ary simba ny tany teo anatrehan'Andriamanitra sady heni-doza; dia hitan'Andriamanitra ny tany, ka, indro, efa simba izy; fa ny nofo rehetra samy efa nanimba ny lalany avy tambonin'ny tany".**

Noho ny fahasimban'ny tany sy ny fandavan'ny zanak'olombelona ny Tenin'Andriamanitra dia nahatonga



safo-drano nandevona izao tontolo izao ny Tompo.

Ny tantara faharoa tonga ao an-tsaina dia ny nandevonana an'I Sodoma sy Gomora tamin'ny afo sy solifara mbola noho ny fanaovan'ny olona tsinontsinona ny fahamarinan'Andriamanitra ihany. Hoy koa ny Gen 18.20-21:

**"Ary hoy Jehovah: Ny fitarainan'i Sodoma sy Gomora dia lehibe tokoa, ary ny fahotany dia mavesatra indrindra; hidina Aho ka hizaha na efa nahatanteraka izany tokoa izy araka ny fitarainan'ny tany, izay efa tonga atỳ amiko, na tsia; ary raha tsy izany, dia ho fantatro".**

Toa tsy mifanalavitra amin'izany rehetra izany ny fiainan'izao tontolo izao ankehitriny. Tsy ranobe tahaka tamin'ny andron'i Noa intsony anefa no manafotra ny tany. Na afo sy solifara tahaka ny tamin'ny andron'ny Lota fa ny LAINGA. Safotry ny lainga sady main'ny Lainga izao tontolo izao. Idiran'ny Lainga avokoa ny lafim-piainana rehetra eto amin'ny izao tontolo izao. Politika, toe-karena, sosialy eny fa ny ara-pivavahana aza dia tsy fantatry ny maro intsony ny marina satria misy mody mino fa tsy tena mino.

Noho izany dia araka ny toetr'andro ankehitriny ny perikopantsika anio, tena fotoana izao hadinihantsika tena mikasika ny Fanahin'ny Fahamariana:

**Fa raha tonga ny Mpananatra, Izay hirahiko ho aminareo avy amin'ny Ray, dia ny Fanahin'ny fahamarinana Izay mivoaka avy amin'ny Ray, dia Izy no ho vavolombelona hanambara Ahy.**

Hanambara inona ny amin'I Jesosy

# KRISTIANA VAVOLOMBELON'NY FAHAMARINANA
## (Tohiny)

ny Fanahy Masina? Ny maha marina Azy na koa ny maha diso ny fiapangani'zao tontolo izao Azy. Nohombohona tamin'ny hazofijaliana mantsy ny Tompo ry Havana satria nampangaina ho mpisandoka ho Zanak'Andriamanitra sy ho mpamonjy izao tontolo izao.

Ny Fanahy Masina no haneho amin'ny izao tontolo izao fa tsy mpisandoka Jesosy ary Izy no haneho amin'ny izao tontolo izao ny tsy finoany ka nanombohany Azy teo amin'ny hazofijaliana. Izany koa no ilazan'i Jaona ao amin'ny Jaona 16.8 manao hoe: **"Raha tonga ny Fanahy Misina dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana."**

Arak'izany izao tontolo izao dia nitsangana ho mpitsara an'I Jesosy ka nanombo Azy tamin'ny Hazofijaliana. Nefa nitsangana tamin'ny maty ny Tompo ary ny Fanahy Masina no misolovava an'i Jesosy hilaza fa marina ny Tompo fa izao tontolo izao no diso ary manota noho ny tsy finoany.

Io izao tontolo izao io anefa ankehitriny dia mbola ao anatin'ny toe-tsaina sy toe-panahy manohitra ny tenin'Andriamanitra ary manenjika ny mpanaraka an'I Jeso. Izany koa no ilazan'ny Tompo eo amin'ny and 27 hoe:

**"Ary ianareo koa dia vavolombelona hanambara, satria ianareo efa teto amiko hatramin'ny voalohany."**

Ahoana ny fifandraisan'ny Fanahy Masina vavolombelona manambara an'I Jesosy amin'ny fijoroantsika vavolombelona?


**"Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. Izy hankalaza Ahy; fa handray avy amin'ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo."**

Ny Fanahy Masina no hitarika antsika amin'ny fijoroantsika ho vavolombelona. Ho amin'ny finoana marina sy ny fitondran-tena mametraka an'I Jesosy ho Mpanjaka eo anivon'ny fiainantsika tsirairay, eo anivon'ny fianakaviana sy ny Fiangonana. Mba ho vavolombelon'ny fahamarian'i Jesosy Kristy koa isika.

Ho Azy anie ny voninahitra !

Dr Seth Rasolondraibe

**Appli FPMA France**




# NY MANDEHA ARAKA NY FANAHY NO TENA FAHAFAHANA AO AMIN'I KRISTY



## Galatiana 5.16-25

Ny Galatiana 5.16-25 dia miresaka momba ny fandehanana araka ny Fanahy sy ny fanoherana ny asan'ny nofo. Raha hampifandraisina amin'ny andro Pentekosta izany, dia azo ambara amin'ireto teboka telo manaraka ireto:

**1. Fandehanana araka ny Fanahy (Ambulare Secundum Spiritum) :**

Ny Pentekosta dia manamarika ny fahatongavan'ny Fanahy Masina, izay manome hery ny mino hanohitra ny fanirian'ny nofo ary hiaina fiainana araka ny sitrapon'Andriamanitra.

Ny fandehanana araka ny Fanahy dia midika hoe miaina amin'ny fankatoavana sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina, izay mifanohitra tanteraka amin'ny fanirian'ny nofo. Raha ny marina dia adim-panahy ny fiainana kristiana. Amin'ny maha olombelona dia toa tsy mahavita ny tsara tokony hataontsika isika ary matetika aza manao izay ratsy tsy tiantsika hatao (Romana 7.19).

Nefa amin'ny maha kristiana dia nateraky ny Fanahy isika izay manome hery antsika ho tonga zanak'Andriamanitra (Jaona 1.12). Tsy vita indray andro izany fa mandeha miandalana (processus de sanctification comme une tâche d'huile qui s'étend petit à petit). Tempolin'ny Fanahy Masina isika kristiana tsirairay (1 Korintiana 3.16) mba handeha araka an'Andriamanitra..

**2. Vokatry ny Fanahy (Fructus**

# NY MANDEHA ARAKA NY FANAHY NO TENA FAHAFAFAHANA AO AMIN'I KRISTY (Tohiny)

**Spiritus) :**

Ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, hatsaram-panahy, fahatsarana, fahamarinana, fahalemem- panahy, ary fahononan-tena (Galatiana 5.19-21).

Ireo toetra ireo dia avy amin'ny VOA IRAY IHANY (Le Fruit de l'Esprit au singulier et non les fruits de l'Esprit) izay mifanohitra amin'ny asan'ny nofo fa tsy mifanohitra amin'ny lalàna kosa. Fiainana vaovao no azo avy amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina (2 Korintiana 5.17), izay nomena tamin'ny andro Pentekosta. Ny Fanahy Masina dia tsy toa an'Andriamanitra Ray izay any an- danitra na Andriamanitra Zanaka (Emanuel : Amintsika Andriamanitra), fa Andriamanitra ao anatintsika mamelona hatrany ny Finoana sy Fanantenana ary ny Fitiavana, ireo telo izay mitoetra, ao anatintsika (1 Korintiana 13.13).

**3. Fahafahana ao amin'i Kristy (Libertas Christiana) :**


Ny Galatiana toko faha-5 dia mitory fahafahana ary Ilay Tena Fahafahana dia Ny Fahahafana azo avy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay manafaka ny mino tsy ho eo ambany fanandevozan'ny lalàna sy ny nofo. Ny fanoharana ataoko matetika dia : ny kapoaka avadika izay manageja lalitra kely miafina ao anatin'ny aizina ao. Tsy mahita izay aleha. Miady irery mitady lalana ivoahana. Koa raha tsy esorina ilay kapoaka dia ho rendrika ao foana ilay lalitra kely. Fa raha afaka eo kosa dia tsy miverina ao intsony. Toy izay ny fahafahana ambaran'ny Galatiana 5.16-25 dia ilay manentana ny mino hifidy ny hiaina ao anatin'io fahafahana io, ka tsy hiverina intsony amin'ny ziogan'ny fanandevozana. Fa raha ny zanaka no manafaka dia ho afaka tokoa isika (Jaona 8.36)

Ireo teboka ireo dia manasongadina ny maha-zava-dehibe ny asan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainan'ny kristiana, indrindra fa amin'izao fankalazana ny Pentekosta izao, izay fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Fanahy Masina hanome hery sy hitarika ny kristiana tsirairay ary indrindra hanjaka sy hamelona ny Fiangonan'Andriamanitra.

VONINAHITRA HO AN'ANDRIAMANITRA RAY SY ZANAKA ARY FANAHY MASINA. AMEN

Past Falimanana Raharindranto


**APPLI FIHIRANA AUDIO**




Télécharger dans l'App Store

DISPONIBLE SUR Google Play


# Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra

## Asa 2.4a

Fotoan-dehibe ho an'ny mpino kristiana ny andro pentekositra. Tanteraka tamin'ny mino ny teny fikasan'Andriamanitra (1.8, «promesse divine»): «ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra ».
Koa am-pifaliana no iarahabanay anao tratr'izao androm-pahasoavana izao satria « feno ny Fanahy Masina » ihany koa ianao. Misy ny fomba fandrefesantsika olombelona izay hamantarana na be na kely no azo, na mety tsy misy mihitsy aza. Fa ahoana kosa no ambaran'ny Tenin'Andriamanitra momba izany?

1) **NANDRAY « FENO » NY MINO REHETRA (tous remplis de l'Esprit Saint)**

Ren'ny sofina sy hitan'ny maso ny fomba nisehoan'ny Fanahy Masina raha nipetraka teo amin'ny mino tsirairay avy izay tafangona Izy: « feo avy tany an-danitra toy ny rivotra mifofofofo ka nanenika ny trano ary lela maro mitarehin'afo ».

**a) Henika ny trano :** milaza ny fanatrehan'Andriamanitra eo amin'ilay toerana izany. Nambaran'i Isaia mpaminany io raha nahita ny voninahitry ny Tompo tao amin'ny tempoly izy (6.1-4). Ny fandraisana ny Fanahy Masina dia manomboka amin'ny fanatrehan'Andriamanitra

# Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra
## (Tohiny)

feno ka isehoan'ny voninahiny eo amin'ilay toerana. Amin'ny fanompoam-pivavahana dia mitsangana ny fiangonana ao anatin'ny zavamaneno fidirana. Andriamanitra izay manasa antsika mba hidera ny Anarany no omem-boninahitra amin'izany fa tsy ny mpitarika velively akory. Zava-panahy araka izany ny fanompoam-pivavahana tanterahin'ny fiangonana ka tsy tokony hafangaro amin'ny fivorian'ny fiaraha-monina. Tsy ny toerana no masina fa ny fanatrehan'Andriamanitra sy ny fitoerany kosa ao amin'ny tsirairay mba hanatanterahana ny sitrapony. Izany no maha « Fiangonana masina » ny Fiangonana.

**b) Lela maro mitarehin'afo :** sary nanehoana ny Fanahy Masina nipetraka teo amin'ny mino izany. Tamin'ny batisan'i Jesoa dia endrika voromailala no nisehoany: manambara ny fiadanana entin'i Tompo izany (Andrian'ny fiadanana Izy, Isaia 9.5; Jaona 14.27). Ny an'ny mino kosa dia lela mitarehin'afo no hita nipetraka taminy. Tsy lela fotsiny na afo fotsiny, ndrao resa-be sy fahaiza-miteny na hafanam-po te hanao zavatra ihany kanjo tsy misy asa vavolombelona atao akory. Ny hafanam-po sy ny fitiavana mitory ny Filazantsara amin'ny fomba samihafa no marika fa feno ny Fanahy Masina ny mino an'i Jesoa Kristy.

**2) TANTERAKA « FENO » NY ASA LEHIBE ATAON'ANDRIAMANITRA**
(les grandes oeuvres de Dieu sont pleinement accomplies)

Izay nandray ny Fanahy Masina dia voasarika hitory ny Filazantsara amin'ny olona izay mbola tsy nandre izany tamin'ny fiteniny avy ka nahatonga fahagagana teo imasony: « ahoana no andrenesantsika ireo miteny amin'ny fitenintsika avy ny asa lehibe ataon'Andriamanitra? ».

**a) Asa lehibe :** ny fitenenana amin'ny fiteny mbola tsy hain'ilay miteny ve sa ny mpianatra rehetra hitan'ny olona maro miteny tamin'ny fiteny samihafa no lazaina hoe « asa lehibe »? Teny avy amin'ny Fanahy Masina no nambaran'ny mpianatra (and.4) fa tsy ny teniny na ny fihetsika sy ny fomba fiteniny izay mety mahasodoka ny mpihaino. Ny asan'Andriamanitra nivoaka avy amin'ny vavan'izy ireo no tafita sy voarain'ny olona ka naharesy lahatra azy. Ny asa nanirahan'ny Ray izay nataon'i Jesoa Kristy ihany no tohizan'ny Fanahy Masina rehefa niakatra any an-danitra ny Tompo (Jaona 16.13-15). Izay mino dia manao ny asan'i Tompo (Jaona 14.12). Ny « asa lehibe » dia ny fitaomana ny olona handray ny famonjena amin'ny alàlan'i Jesoa Kristy mba hananany fiainana...be dia be sy mandrakizay (Jaona 3.16; 10.10).

**b) Meteza ho iraky ny Tompo:** ahoana no fandre raha tsy misy mpitory (Romana 10.14)? Nampitain'i Jesoa Kristy tamin'ny Fanahy Masina ny fanohizana ny fitoriana ny asam-pamonjena nataony. Manatanteraka izany ny Fanahy ka rehefa nitory ny Filazantsara ny mpianatra dia nitombo ny isany ka nahatonga ny Fiangonana voalohany (3000 mahery). Fidìna manokana ny olona izay tokony hitondra ny « flamme » amin'izao figadonan'ny lalao olympika eto frantsa izao. Aiza ho aiza kosa àry ny olom-boafidin'Andriamanitra izay nampitondrain'ny « lelafo »?

Feno ny Fanahy Masina izaho sy ianao ary ny Fiangonana. Koa isaorana an'i Tompo izany fanomezany lehibe izany. Tamin'ny fahafenoany no nandraisantsika rehetra Azy (Jaona 1.12, 14). Koa aza menatry ny ho vavolombelon'ny Tomponao eo amin'ny fanompoana izay tanterahanao!

Mahereza hatrany fa momba antsika ny Tompo!

Past Jean Teddy Ramaherijaona




## Les Applis FPMA

Radio Anjomara | FPMA France | Fihirana audio | MySTK | AMF 'nakà

Télécharger dans l'App Store | DISPONIBLE SUR Google Play

# "Chantez, chantez en son honneur ! Parlez de toutes ses merveilles !"

**(1 Chroniques 16 : 9)**

La 17ème édition du ChoeurUni s'est déroulée du 9 au 12 mai 2024 à Villeneuve-sur-Tarn, dans le cadre enchanteur du Château de la Garrigue, situé à trente kilomètres de Toulouse.

Les quelque 350 participants, choristes et accompagnateurs, sont repartis le cœur rempli de joie et de reconnaissance après quatre journées intenses. Cultes, formations spirituelles, répétitions et élection du nouveau bureau national de la section étaient au programme, minutieusement orchestré pour converger vers le concert du samedi, préparé avec la plus grande rigueur.



On pourrait penser que tout s'est déroulé comme à l'accoutumée depuis la création du ChoeurUni... Pourtant, cette édition a été marquée par des conditions particulières et inédites. En effet, depuis 1990, le ChoeurUni (anciennement Choralie) se tient tous les deux ans, organisé par une chorale volontaire. Cependant, en 2020, la pandémie a contraint à célébrer les 30 ans de ChoeurUni sous forme de concert virtuel. Pour 2024, aucun candidat ne s'est proposé pour accueillir l'événement.

Face à cette situation, l'Assemblée générale a décidé de maintenir l'événement, en confiant son organisation à une commission ad hoc composée de volontaires de tout le territoire. Des sous-commissions ont été formées, bien que certaines aient manqué d'effectifs. Les défis logistiques étaient nombreux, et les obstacles se sont poursuivis jusqu'au concert.

Cependant, tous étaient unis dans la volonté de remettre toutes choses entre les mains du Seigneur. Faute de bras, il a été décidé de préparer les participants de chaque région à participer aux différentes tâches une fois sur place, avec le soutien de la chorale Feon'ny Mazava et des paroissiens de la FPMA Toulouse, qui ont répondu à l'appel avec beaucoup d'amour.

Quelques jours après l'événement, les retours des participants ont été très positifs, notamment en termes d'organisation. Le moment-clé reste incontestablement le concert du samedi, offrant à la FPMA, représentée par ses 300 choristes unis par la louange, une occasion unique de partager la parole de Dieu et de témoigner de leur foi.

Ce concert, vécu comme un moment de grâce infiniment béni, a été savouré par tous les participants et organisateurs, menacés d'être privés de ChoeurUni pendant plusieurs mois.

Avec le recul, il est évident que cette diversité de talents n'avait d'autre objectif que de viser l'utilité commune, renforçant ainsi l'unité et la cohésion de la section. La particularité de chacun a été mise au service des autres. Le verset suivant illustre parfaitement cette organisation : "Or, à chacun la manifestation de l'Esprit est donnée pour l'utilité commune." (1 Corinthiens 12:7-11)

Les organisateurs expriment leur gratitude au Seigneur, qui sait renverser toutes les situations selon Son plan, et témoignent de Sa présence ressentie à chaque instant, manifestant Sa puissance bien au-delà de nos espérances. Ils remercient tous les responsables à tous les niveaux, ainsi que toutes les personnes qui ont prié et collaboré à la réussite de cet événement. Que tout ce qui a été accompli par Sa grâce soit un encouragement pour tous et contribue au bien commun.

Nous rendons grâce pour toutes choses à Dieu le Père, au nom de notre Seigneur Jésus-Christ !

Lalaina Ramarotafika